# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Jona 2018

**25** **Alatsinainy**
jona

**Andriamanitra dia fitiavana.** 1 Jaona 4. 8

***(Hoy Jesosy :)*** **Ny Ray dia tia anareo.** Jaona 16. 27

**Fitiavana tsy hay lazaina**

„Rehefa nanapa-kevitra hisafidy fiainana hafa ny vadiko, dia izaho irery sisa no tao an-trano. Afaka herinandro vitsivitsy, tsy nahaloa hofantrano intsony aho, rakotra trosa, ka voatery nipetraka tao anatin'ny fiarako. Nanjary nikorontan-tsaina sy namoy fo aho, ary nihevitra ny hamono tena mihitsy aza. Namana kristiana iray no nanoro hevitra ahy mba hiresaka amin'Andriamanitra sy hangataka Azy hanampy ahy. Ny harivan'iny ihany, ary vao sambany mihitsy, dia nataoko tan-tsimpo izany. Nivavaka tamin'Andriamanitra tam-pahatokiana aho, ary nahatsapa toy ny sandry namihina ahy. Feno fiadanana tsy hay lazaina aho, ka raiki-tory teo ambonin'ny familiana ny fiarako ! Nanomboka tamin'izay nahatsapan'ny foko ny fitiavan'i Jesosy izay, dia nampisy fanarenana marina sy feno teo amin'ny fiainako Izy. Izany no mahatonga ahy haniry hizara izao hafatra mifono fitiavana nanohina fatratra ny foko izao." *(Jerry)*

Ny hany angatahin'Andriamanitra, mba hanatanterahany izany asa izany ao anatin'ny fanahy, dia ny hitokiantsika tanteraka amin'ny fitiavany. Ary miaraka amin'izany dia manambara amintsika ny fomba nitiavany antsika Izy, Ilay Andriamanitra masina. Andaniny, asehony ny tena maha mpanota antsika ; ary ankilany, ambarany ny porofon'ny fitiavany antsika : „Fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy" (Romana 5. 8), mba hanaisotra ireo fahotana manasaraka antsika amin'Ilay Andriamanitra masina. Rehefa manaiky izany am-pinoana isika, dia manjary mahatsapa ny lazain'ny apostoly Paoly hoe : „Izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy" (Galatiana 2. 20).